

Ny Kilaorisy (*Chloris gayana*) amin'ny fahavaratra

1. Toetra

Vilona giraminea maharitra, mandrakotra haingana ny tany lonaka ny kilaorisy. Mety kokoa atao vilo-maina na ho raofina. Azo omena maitso



2. Tombotsoa

- mamokatra tsara ambanin'ny haavo 1800m
- vilona mety indrindra atao vilo-maina
- voly rakotra
- maharitra efa-taona na mihoatra



3. Toerana fambolena

Afaka maniry amin'ny haavo 0 ka hatramin'ny 1800m. Maniry tsara amin'ny tany manana pH 5,5-7,5 ary somary mahatanty hain-tany noho ny fisian'ny faka mitroka ny rano any amin'ny lalina hatramin'ny 4m no mihoatra. Tsy mahatanty fanala.



4. Fikarakarana ny tany

Madinika ny voan'ny kilaorisy ka mila tany voapotika malemy tsara, tsy mifatratra.

- atao lalina ny asa (20-25sm) ary potehina ny bainga 15 ka hatramin'ny 30 andro mialoha ny fambolena
- atao ambany asa ny dolomita sy ny zezi-pahitra masaka tsara
- poteho ho madinika tsara ny bainga
- Mitondra zezika NPK 11-22-16 amin'ny fotoam-pambolena



5. Fandonahana

- Dolomita : 10-20kg/ara
- Zezi-pahitra : 200-300kg/ara
- Zezika NPK 11-2-16 : 3kg/ara

6. Fambolena

Atao ny famafazana rehefa ampy tsara ny famandoan'ny tany ary azo antoka ny orana (novembra-janoary). Afangaro amin'ny vovon-tany na ny vovon-kazo ny voa hanampy amin'ny famafazana saritaka sy ny fanamarihana ny faritra voafafy. Azo afafy tora-tady mielanelana 0,2m. Ny fatran'ny voa dia 15-20 kg/ha araka ny fahalonahan'ny tany.



Fifamanor septembre 2008

Tsy tokony hihoatra ny 2sm ny fanasitrihana. Afaka volena miaraka amin'ny avoinina verim-boly ny kilaorisy (kilaorisy : 15-20 kg/ha, avoinina 50-80 kg/ha). Manamora ny fiadiana amin'ny ahi-dratsy izany.

7. Fikojakojana

- sorohina ny ahitra raha vantany vao mitranga mba hiantohana ny fahatanjahan'ny voly eny am-piandohana
- sorohina amin'ny angady na angadikely fihevoana ny ahitra raha natao toratady ny fafy. Misy fomba hafa ihany koa :
 - mampiasa fanafody famonoana ahitra aorian'ny fitsiriny afaka 7-9 herinandron'ny famafazana toy ny 2-4D, Bendazone, Basagran izay mamono ny ahitra be ravina
 - mampiasa fitaovana fanesorana ahitra "pulvériseur à disques" matetika (2-3) amin'ny fiandohan'ny orana
- sosohana ny maty 4-6 herin'andro aorian'ny famafazana
- afafy ny orea (1kg/ara) eo ampisandrahana sy aorian'ny fanapahana
- mitondra zezika NPK sy zezi-pahitra (fatra tsy miova) isaky ny fiandohan'ny taom-pambolena

8. Fanapahana

- tapaho ny vilona rehefa misondro-dreny raha atao vilo-maitso (8-12 herinandro aorian'ny famafazana) ary atao mielanelana 6-8 herinandro ny fanapahana.
- tapaho ny vilona rehefa mamelana ny 50% raha atao vilo-maina
- atao mialoha ny fiandohan'ny main-tany ny fanapahana farany mba hampalaky ny fitsirin'ny vilona amin'ny fahavaratra

9. Vokatra sy otrik'aina

Ahazoana fanapahana 3-4 isan-taona ny kilaorisy araka ny fahalonahan'ny tany sy ny habetsahan'ny orana. Fanapahana roa mazana no azo amin'ny taona voalohany.

Vokatra isan-taona		Otrik'aina			
MS t/ha	UFL 10 ³ /ha	UFL /kg MS	MAT % MS	PDIE g/kg MS	PDIN g/kg MS
10-12	6,8-8,1	0.68	13,2	99,5	96,5

MS = lanja maina (LM) ; UFL= ventin'ny hery isaky ny kg/LM ; MAT = fatran'ny azota rehetra (%LM) ; PDIN, PDIE = fatra ny proteina levona ao anaty tsinay (g/kg LM) voakajy araka ny azota sy ny hery ao anaty vilona ary hampifandanjana araka ny fatra-tsakafo.